FANGATAHANA FIAHIANA ZAZA
(TUTELLE)

Antananarivo, faha..............................

Andriamatoa/Ramatoa FILOHAN'NY FITSARANA AMBARATONGA VOALOHANY..............................................

Antony: Fangatahana fiahiana zaza

Andriamatoa/Ramatoa FILOHA,

Voninahitra ho ahy ..................................................................., tompon'ny kara-panondro laharana faha ..........................................nomena tao.......................................... tamin'ny ................................., monina ao amin'ny lot .....................................................................ny mangataka aminao ny hanendrena ahy ho mpiahy ireto zaza manaraka ireto :

1°/.......................................................................................................................
Teraka tamin'ny ........................................tao .................................
zanak'i ................................................................................................(efa maty)
sy ...................................................................................................... (efa maty)

2°/.......................................................................................................................
Teraka tamin'ny ........................................tao .................................
zanak'i ................................................................................................(efa maty)
sy ...................................................................................................... (efa maty)

3°/ .......................................................................................................................
Teraka tamin'ny ........................................tao .................................
zanak'i ................................................................................................(efa maty)
sy ...................................................................................................... (efa maty)

Marihiko fa izaho ny miahy azy ireo hatramin'ny nahafatesan'ny ray aman-dreniny.
Raiso Andriamatoa/Ramatoa FILOHA ny haja atolotro ho anao.

Sonia

TSY AZO AMIDY

**MINISTERAN'NY FITSARANA**

----------

---------------

**FOIBEM-PITONDRANA MISAHANA NY FANDINIHANA SY NY FANAVAOZANA LALANA**

------------

**SAMPAN-DRAHARAHA FANAPARIAHANA LALANA**

-------------

# NY FIAHIANA ZAZA
# (TUTELLE)

**LALANA MIFEHY**

Lalàna laharana faha 2007-023 tamin'ny 20 aogositra 2007 mikasika ny zo sy ny fiarovana ny zaza

## RAHOVIANA NO MISOKATRA NY FIAHIANA NY ZAZA ?

- Rehefa maty avokoa ny ray sy ny renin'ilay zaza **(latsaky ny 21 taona),**
- Rehefa very tanteraka na vonjimaika ihany na koa noesorina tamin' ny ray sy ny reny ny fanatanterahany ny fahefan'ny ray aman-dreny,
- Ho an'ireo zaza tsy misy mpiahy izay tsy manana na ray na reny nanangana an-tsitrapo na koa tsy mananampiahy voamarina tamin'ny alalan'ny didim-pitsarana navoakan'ny Mpitsara ny ankizy.

## INONA NO TANJON'NY FIAHIANA ?

Hiarovana ny zaza sy ho fitantanana ny fananany mandrapaha feno taona azy

## IZA AVY NO AZO ATAO MPIAHY ?

Ny olona nipoiran'ilay zaza araka ny laharana akaiky azy indrindra

## FA TSY AZO ATAO MPIAHY KOSA :

Ny ankizy, ny manana fahasembanana ara-tsaina, ny olona voaheloka tamin'ny sazy mihatra amin'ny vatana sy mahafa-baraka na ireo olona fanta-bahoaka noho ny faharatsiam-pitondrantenany.

## AHOANA NY FANENDRENA NY MPIAHY ?

- Amin'ny alalan'ny didim-pananana na fanambarana natao teo anatrehan'ny notera izay nataon'izay maty farany tamin'ny ray na ny reny na ihany koa ny reny ho an'ny fianakaviana tsy misy ray,
- Amin'ny alalan'ny filan-kevitry ny fianakaviana izay fidian'ny Fitsarana (paikady ara-pitsarana)

***Azon'ny olona rehetra atao ny mampilaza amin'ny Filohan'ny Fitsarana ny amin'ny ilàna fanendrena mpiahy***

## ANDRAIKITRY NY MPIAHY :

- Miandraikitra ny tenan'ilay zaza,
- Misolotena azy ara-panjakana,
- Mitantana ny fananany toy ny raim-pianakaviana mendrika ary tomponandraikitra amin'izany fitantanana izany,
- Tsy mahazo mandefa maimaimpoana ny fananana manokan'ilay zaza na milatsaka ho mpividy ny fananany,
- Tsy mahazo mivarotra ny fanana-mitoetran'ilay zaza raha tsy mahazo alalana avy amin'ny Filohan'ny Fitsarana,
- Maimaimpoana ny fiahiana ary voatokana ho an'izay voatendry ihany fa tsy azony afindra amin'ny vadiny na ny mpandova azy.

## FITSARANA MAHEFA :

Fitsarana Ambaratonga Voalohany ao amin'ny toeram-ponenan'ny zaza

## INONA AVY IREO TARATASY ILAINA ?

- Taratasy fangatahana alefa amin'ny Lehiben'ny Fitsarana misy ny fonenan' ny zaza ary misy ny **adiresy mazavan'ny mpangataka**
- Ny sora-pahaterahan'ilay zaza,
- Ny sora-pahafatesan'ny rainy sy ny reniny,
- Ny dika mitovin'ny karapanondron'ny mpangataka,
- Ny sora-panambadian'ny mpangataka,
- Ny taratasy fanamarinana fihazonana sy fikarakarana ilay zaza omen'ny fokontany (certificat de garde et de charge).

## AVANTANA AMIN'IZA ARY IREO REHETRA IREO ?

Amin'ny lehiben'ny mpirakidraharam-pitsarana

## SARAN'NY FAMPIDIRANA NY FANGATAHANA ENY AMIN'NY FITSARANA

**Dimy arivo Ariary (5.000 Ar),**
Izay aloa ao amin'ny lehiben'ny mpirakidraharam-pitsarana ka manome rosia nandoavana izany.

## PAIKADY :

- Fananganana ny **filan-kevitry ny fianakaviana (conseil de famille)** ahitana ireo mpikambana voafidin'ny Filohan'ny Fitsarana na ny mpitsara misolo azy amin'ireo havana na havan'ireo ray sy renin'ny zaza na koa ireo namana, mpifanolo-bodirindrina na olona hafa izay mety liana amin'ilay zaza,
- Fifidianana na fanendrena izay ho mpiahy ilay zaza.

## AZO SOLOINA VE ILAY MPIAHY AMPERIN'ASA ?

**Eny,** raha toa ka misy toe-java-misy manokana sy mafonja ilàna izany fanoloana izany na koa hita fa mifanohitra tanteraka ny tombontsoany sy ny an'ilay zaza.